REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

FIADIDIANA NY REPOBLIKA

**FAMPITAM-BAOVAO**

## Fihaonan'ny Filoham-pirenena sy ny Masoivoho an'i Japon

Ao anatin'ny fanamafisana ny fiaraha-miasa eo amin'i Madagasikara sy Japon, dia noraisin'ny Filoham-pirenena Andry RAJOELINA tao amin'ny Lapam-panjakana Iavoloha androany 17 novambra 2021, ny Masoivoho zaponey SEM Yoshihiro HIGUCHI.

Eo amin'ny sehatry ny fifandraisana ara-jeopolitika, aty amin'ny faritra indo-pasifika, dia nanolotra sambo haingam-pandeha mpijirika miisa 5 ho an'i Madagasikara i Japon izay miadidy ny filaminana sy ny fivezivezena an-dranomasina amin'izany faritra izany. Ireo sambo ireo dia entina hanamafisana ny fanaraha-maso sy ny fiarovana ny harena an-dranomasina eto amin'ny Nosy. Hita soritra tokoa ny firoboroboan'ny fiaraha-miasa eo amin'ny firenena roa tonta, izay miseho amin'ny endrika maro toy ny fanohanana ara-teknika sy ara-bola izay entin'ny Governemanta zaponey amina sehatra maro eto Madagasikara. Ireo tetikasa ireo dia manampy indrindra amin'ny fampandrosoana ara-toekarena sy ara-tsosialy eto amin'ny Nosy.

Naneho ny faniriany ny Filoha Andry RAJOELINA ny hanamafisana ny fifandraisana eo amin'i Madagasikara sy Japon, ary indrindra ny hampiroboroboana ny fiaraha-miasa mifandraika amin'ireo laharam-pahamehana izay voasoritra ao anatin'ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana. Fa indrindra ny fanomezan-danja ireo sehatra mampiavaka sy tena mampandroso ny firenena, mba hahatonga ny fiaraha-miasa tena hahazoan'ny firenena roa tonta tombontsoa iombonana, na eo amin'ny sehatry ny harena an-kibon'ny tany izany, na ny jono, na ny teknolojia, sns.

Ankoatra izay dia voaasa manokana amin'ny Tokyo Nutrition For Growth Summit 2021, ny Filoha Andry RAJOELINA, noho izy tompon-daka amin'ny ady amin'ny tsy fanjarian-tsakafo aty amin'ny Vondrona Afrikanina

**Ny Sampan-draharahan'ny Serasera sy ny Fifandraisana**
**17-11-2021**